# @ AMBOHIMANGA PALACE

















LES 12 COLLINE SACREES DE L'IMERINA
1- AMBOHIMANGA
2- IKALOY
3- AMBOHITRABIBY
4- NAMEHANA
5- ILAFY
6- ALASORA
7- IMERIMANJAKA
8- AMPANDRANA…………IHARANADRIANA
9- AMBOHIJOKY
10- ANTSAHADINTA
11- ANALAMANGA
12- AMBOHIDRATSIMO




FIFANDIMBIASAM-PANJAKANA
ANDRIAMASINAVALONA
Vers 1675 – 1710 / Antananarivo
ANDRIATSIMITOVIAMINANDRIANDRAZAKA
vers 1710 – 1730
Ambohimanga
ANDRIAMBELOMASINA
Vers 1730 – 1770
ANDRIANJAFY
Vers 1770 – 1785
ANDRIANJAKANAVALOMANDIMBY
vers 1710 – 1727 / Antananarivo
ANDRIATOMPOKOINDRINDRA
vers 1710 / Ambohidratrimo
ANDRIANAVALONIMERINA
vers 1710 / Ambohidrabiby
ANDRIANAMPOINIMERINA
1785 – 1810
Mpanjaka ANDRIANAMPOINIMERINA (1787 - 1810)
Zanak'i ANDRIAMBARAMANJAKA sy RANAVALONANDRIAMBELOMASINA
IMBOASALAMA no nianton ary feny vao teraka, OMBALAHIBEMASO nony lehibe, ary ANDRIANAMPOINIMERINA nony nanjaka izy
Nisy 12 ny vadiny ka anisan'izany i RAMBOLAMASOANDRO, izy no nanorina ny Tsenan'Ilakamisin' Ambohimanga
Izy nanambatra ny Fanjakana teto Madagasikara, araky ny teny filamatra hoe : « NY RANOMASINA NO VALAMPARIHIKO »
RADAMA I
1810 – 1828
Mpanjaka RADAMA I (1810 - 1828)
Zanak'i ANDRIANAMPOINIMERINA sy RAMBOLAMASOANDRO
Nanambady an'i IMAVO na RANAVALONA I
Namorona ny sekoly voalohany sy nampiroborobo ny fanabeazana
Nanoratra ny Teny malagasy amin'ny alfabeta latina
Niara-niasa tamin'ny vahiny teo amin'ny fandaminana sy fampitaovana ny tafika
RANAVALONA I
1828 – 1861
Mpanjaka RANAVALONA I (1828 -1861)
Zanak'i ANDRIANAVALONTSALAMA sy RABODONANDRIANTOMPO
Vadin' ny Mpanjaka RADAMA I
Mpanjakavavy masiaka ary saro-piaro tamin'ny fahaleovantenan'ny Fanjakana
Nandroaka ny vahiny ary nanenjika ny fivavahana kristianina
Nanorina ny tananan'i Fianarantsoa
RADAMA II
1861 – 1863
Mpanjaka RADAMA II (1861 - 1863)
Zanak'i ANDRIAMIHAJA sy RANAVALONA I
Nanambady an'i RASOHERINA
Izy ilay antsoina hoe « ILAY NANJAKA TAPANY » satria 2 taona monja no nanjakany
Izy no namoaka ny didy nanafoana ny fanamelohana ny mpivavaka
Nampiatra ny politikan'ny fisokafana tamin'ny vahiny
RASOHERINA
1863 – 1868
Mpanjaka RASOHERINA (1863 - 1868)
Zanak'i ANDRIANTSALAMANANDRIANA sy RAFARAMANJAKA
Vadin'ny Mpanjaka RADAMA II
Nanomboka tamin'ny fanjakany no nisy ny Praiminisitra niandraikitra
ny fitondram-panjakana, dia I RAINILAIARIVONY izany
RANAVALONA II
1868 – 1883
Mpanjaka RANAVALONA II (1868 - 1883)
Zanak'i RAZAKARATRIMO sy RAFARASOA RAMASINDRAZANA
Vadin'i RADAMA II
Izy no namoaka ny didy atao hoe : « Code des 305 articles » .Izy Nanenjika
ny « SAMPY » ary nandray ny fivavahana kristianina ho fivavahan'ny fitondrana
RANAVALONA III
1883 – 1896
Mpanjaka RANAVALONA III (1883 - 1896)
Zanak'i RANDRIATSIMIANATRA sy RAKETAKA, Vadin'i RATRIMOARIVONY
sy RAINILAIARIVONY. Nataon'ny Frantsay sesitany tany amin'ny Nosy La Réunion
(28 February 1897), avy eo tany Algérie (01 February 1899). Maty tany Algérie tamin'ny
23 Mey 1917. Tafaverina teto Madagasikara ny taolambalony
tamin'ny 30 Oktobra 1939
Praiminisitra RAINILAIARIVONY
1863 – 1896
Praiminisitra RAINILAIARIVONY (1863 - 1896)
Zanak'i RAINIHARO
Praiminisitra tamin'ny fanjakan'ny Mpanjakavavy RASOHERINA, RANAVALONA II
ary RANAVALONA III